## ANTANIFOTSY 4

# ROA LAHY MPANAFIKA LAVON'NY BALA TAO ANATY FIFAMPITIFIRANA


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7474 Taona faha-24 **Vidiny: 500 Ariary** Gazety mivoaka isan'andro Alakamisy 19 janoary 2023


## FIANAKAVIAMBE IRAISAM-PIRENENA 7

# MANAO TSINDRY AN-KOLAKA HANATANTERA-HANA NY FIFIDIANANA AMIN'ITY TAONA ITY



## MARINA IZANY ! 7

### IZAY TSARA FIOMANANA... !

## MPITONDRA FANJAKANA - FIANGONANA 7

### VOASORATRA SAINGY TSY HAJAIN'NY ROA TONTA NY MAHA LAIKA NY FIRENENA MALAGASY

## RIVODOZA CHENESO 3

### HAHARITRA HATRAMIN'NY ALAHADY NY ROTSAK' ORANA ENTINY

## KICK BOXING - JIOI 2023 2

### NY TARANJA LOW KICK NO HIFANININANANA

## TARIKA ANTSIVA & BRONA 2

### HAMOAKA HIRA VAOVAO "HANAINGA"

## ANTSIRANANA 4

### VEHIVAVY MATY NOVO-NOIN'NY SAKAIZANY







Kickboxing - JIOI 2023

# Ny taranja Low kick no hifaninanana

*Faly sahirana ihany ny Federasiona indrindra eo amin'ny hifantenana izay handrafitra ny ekipam-pirenena.*

Tsy hisy ny K1 fa ny Low kick irery ihany no hifaninanana, mandritra ny Lalaon'ny Nosy 2023, eo amin'ny Kickboxing. Tsiahivina, hotanterahana eto Madagasikara, amin'ny 25 aogositra hatramin'ny 3 septambra, ity andiany faha-11 ity, izay sambany tafiditra anatin'ireo taranjam-panatanjahantena, holalaovina izy ity. Azo lazaina fa faly sahirana ihany ny eo anivon' ny FMKB manoloana izany, indrindra eo amin'ny fifantenana ireo handrafitra ny ekipam-pirenena, satria dia



**Isan'ny tena manavanana ny Malagasy ity kickboxing ity.**

maro ireo kickers sangany na eo amin'ny K1 na Low kick, izay afaka miaro ny voninahim-pirenena avokoa. Ho fiatrehana sy fanomanana izany, hisy ny fivoriambe fanao ara-potoana ho an'ny FMKB, izay hotanterahana eto Antananarivo, saingy mbola tsy fantatra aloha hatreto ny toerana handray izany. Ho fantatra mandritra izany avokoa, ny mahakasika ny fifantenana ireo handrafitra ny ekipam-pirenena sy ny tetiandro rehetra, hizoran'ny fampivondronana, izay azo lazaina fa somary efa taraiky ihany isika. Marina, fa manantalenta sy havanana amin'ity haiady ity ny Malagasy, fa tokony hanomana tsara ihany. Ireo Nosy rahavavy rahateo, tsy hitsangatsangana fotsiny no handehanany aty, fa ny hiady ny handrombako medaly volamena maro koa. Eo indrindra no iantsoana ireo tomponandraikitra rehetra voakasika, mba samy hilomay hifarimbona amin'ny fikarakarana ny atleta, satria rehefa voajery akaiky ny momba azy ireo, dia mahafantatra ny ezaka sy ny ady hatreny ry zareo. Enim-bolana sisa dia higadona ity fifaninanana ity, izay isan'ny niadivana mafy ny hanaovana azy eto Madagasikara, ka tokony ho toy izany koa ny fikarakarana. Raha hiverenana, nahavita tonga hatrany amin' ny laharana faharoa isika, nandritra ny andiany faha-10 natao tatsy Maorisy, izay taorian'ny mpampiantrano, ka inona tokoa moa ny antony tsy hahazoantsika ny laharana voalohany, amin'ity Lalaon'ny Nosy 2023. Fotoana hahafahana miaro sy mamerina indray ny ambopompirenena amin'ny alalan'ny Fanatanjahantena tokoa io, ka antenaina fa hifanolotanana ny rehetra.

**Rabenaivo**

CHAN 2022

# Nahazo ny tapakila amin'ny ampahefa-dàlana ny "Fennecs"-n'i Algérie

Dimy andro nanaovana ny lalao fifanintsanana amin'ny CHAN 2022, dia nahazo ny tapakila voalohany amin'ny fiatrehana ny lalao ampahefa-dàlana, manomboka amin'ny zoma 28 janoary 2023, ny ekipam-pirenena algeriana, mampiantrano ny fifaninanana. Tamin'ny lalao faharoa nataony dia lavony tamin'ny isa tery dia tery 1 no ho 0 koa i Ethiopie, afakomaly, toy ny nandreseny an'i Libye tamin'ny andro voalohany tao anatin'ny vondrona A. Anisan'ireo ekipam-pirenena, heverin'ny mpanaraka ny fiadiana ny tompondaka CHAN 2022, fa manana mpilalao kalaza maro amin'ny filalaovana baolina kitra ny Fennecs. Efa mihatsara toerana hatrany ihany koa i Mozambika, izay nandavo 3 no ho 2 ny libiana tamin'ny andro faharoa nilalaovany, raha nanao ady sahala samy tsy nisy nahavaky atody tamin'i Ethiopie izy tamin'ny lalao voalohany nataony. Manana isa 4 i Mozambika raha isa 6 kosa no azon'i Algerie. Ho an'ny Barea de Madagascar kosa indray dia miankina amin'ny fihaonan'i Ghana sy Soudan, anio alina (10 ora), no hamaritana ny hoavintsika. Raha tahiany ka lavo fanindroany ny Black Galaxies dia tafita avy hatrany amin'ny lalao ampahefa-dàlana koa ny Barea de Madagascar. Raha sanatria ka mirava ady sahala ireo ekipa ireo, dia fiadian-toerana amin'ny ahazoana ny laharana voalohany sisa no hifanaovantsika amin'i Soudan amin'ny alatsinainy alina. Raha mandresy an'i Soudan i Ghana, ary isika resin'i Soudan, dia ny lalao nihaonan'ireo ekipa ireo mivantana no hanivanana ny ekipa miatrika ny lalao ampahefa-dàlana.

**aris rafaly**

Kabeson'ny Mpanjaka Sakalava Toera

# Mbola mitohy ny dinika amin'ny fameranana azy an-tanindrazana

Noraisin'ny Minisitry ny Serasera sy Kolotsaina tetsy amin'ny birao fiasany ny iraky ny Filoha Frantsay avy ao amin'ny Masoivoho miandraikitra ny Mozea sy Vakoka Jean-Luc Martinez sy ny Masoivoho Frantsay miasa eto Madagasikara, Arnaud Guillois. Anisan'ny nodinihan'izy ireo tamin'izany ny mikasika ny famerenana ny Kabeson'ny Mpanjaka Toera, mpanjaka Sakalava sy ireo miaramila niaraka taminy izay notapahan-doha taonjato maromaro lasa izay. Mbola voatahiry ao amin'ny « Musée de l'Homme » any Paris France. Efa amambolana maro ihany koa no naniriana ny hamerenana ireo karan-doha ireo ary efa maro izay fifampidinihana izay saingy hatreto aloha dia mbola mitohy hatrany izany. Araka ny efa nambaran'ny Ministera volana maromaro lasa izay dia ny fanaovana fitsirihana « teste ADN » no mampikatso azy. Ahiana mantsy ny mety hisian'ny fahadisoana ka io fitsirihana io ihany no hanamarina azy. Fa ankoatra izay dia nodinihina ihany koa ny fanitarana ny fiaraha-miasa amin'ny sehatry ny Mozea tahaka ny eny amin'ny Rovan'i Madagasikara, ny Mozea eny amin'ny Lapan'ny Praiminisitra Andafiavaratra, ny Mozean'ny Haino aman-jery « HAVORIA », ny Mozean'ny Tahiry ara-tsary « Trano Sary », ny Mozea hatsangana isam-paritany sy ny sisa.

**Tiaray Rakoto**

Omda -Mikatso ny fitantanana

# Herintaona aty aoriana mbola hifandroritana ny fanendrena tale vaovao

Tamin'ny volana febroary 2022 no nesorina tamin'ny toerany ny talen'ny Omda, Haja Ranjarivo. Herintaona katroka aty aoriana, mbola tsy mety voatendry ny olona hisolo toerana azy, hany ka mbola mikatso hatramin'izao ny fitantanana ity ofisy malagasy miaro ny zon'ny mpamorona ity. Tsy nisy mihitsy tao anatin'izay herintaona izay ny fandoavana ny zon'ny mpamorona ho an'ireo mpikambana sy ny fisotroan-drononon'ireo artista mpamorona mihoatra ny 60 taona. Raha ny zavamisy hatramin'izao, dia mbola hifandroritan'ny Minisitera mpiahy sy ny sendikan'ny artista ny fanendrena izay tale vaovao hitantanana ny Omda. Ho an'ny sendika, dia miandry ny vokatry ny fampiharana ny tolo-dalana vao ho voatendry ny tale satria fahaleovantena no katsahiny. Efa lany teny anivon'ny solombavambahoaka ny tolo-dalana natolotr'izy ireo mikasika izany. Mbola handalo ny fankatoavan'ny Loholona anefa izay vao ho voarakitra ho lalana io. Raha sanatria tsy lanin'ireto farany, dia hiverina ho laniana eny anivon'ny Antenimierampirenena indray ary aorian'izay vao hiverina fanindroany eny anivon'ny Loholona. Mbola lavitr'ezaka raha toa ka tsy tafavoaka ny baolina amin'ny fandalovany ao amin'ny Loholona. Mbola hiantona hatrany ny raharaha.

**Resaka politika**

Raha ny fanazavan'ny tomponandraikitra ao amin'ny Minisitera indray, dia tsy avy amin'izy ireo mihitsy ny sakana tsy maha voatendry ny talen'ny Omda. Efa misy ny anarana nomen'izy ireo ho laniana ho talen'ny Omda, tsy mbola nakatoavina izany olona izany noho ny tsindry ataon'ny mpanakanto sasany any ambony any. Lasa resaka politika no niafarany, ka ny hany herin'izy ireo dia ny hamory ny mpanakanto amin'ny 24 janoary izao etsy amin'ny Lapan'ny Kolontsaina Mahamasina. Fifampiarahabana tratry ny taona toy ny fanao isan-taona izy io, sady fifidianana izay ho mpikambana ao anatin'ny filankevipitantanan'ny Omda (efa lany ny fotoam-piasana). Aorian'ny fanendrena ireo mpikambana no hitadiavana lalana hametrahana izay ho tale mpisolotoerana hahafahana mampandeha ny asa ao amin'ny Omda.

Ho avy hanatrika ity fihaonamben'ny mpanakanto ity ve ny sendika amin'io ? -Nilaza ny mbola hifamory izy ireo, ka ho hita eo ny tohiny !

**Fy**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Tsy nateraka ho resy isika, kanefa kivy indraindray. Aoka tsy hilavo lefona, fa mba ho fakàna lesona."
Ny Vetso (20.11.13)
("L'homme n'est pas fait pour la défaite. Un homme peut être détruit, mais pas vaincu." Ernest Hemingway)

Tarika Antsiva&Brona

# Hira vaovao: "Hanainga" no hanamarika ny fiverenany an-tsehatra



**Ireo mandrafitra ny tarika.**

Niato kely nandritra ny herintaona mahery teo ny tarika Antsiva&Brona mba haka bahana sy handinika izay lalana sy drafitra tokony hataon'ny tarika, ny faraparan'ny taona 2022 teo izy ireo no tafahaona indray ary manana vina ny hiketrika hira vaovao hanamarihana ny fiverenanan'izy ireo eo amin'ny sehatry ny mozika. *"Rehefa tafahoana izahay dia samy nanapa-kevitra fa avy hatrany dia hanainga indray ka izay no anton'ny namoronako hira (first single) hoe "Hanainga" izay hivoaka tsy ho ela intsony"* hoy Antsiva mpamorona ny tarika tafaresaka taminay. Raha tsiahivina kely, dia tany amin'ny taona 2019 tany no niforonanan'ny tarika. Misy efatra izy ireo no mandrafitra izany izay ahitàna an'i Antsaly izay anadahin'i Antsiva ihany, izy no "batteur" ao anatin'ny tarika, eo koa i Agapé ary Rado. *"Samy hitako manana ny talentany sy mampiavaka azy daholo izy ireo ka izay no tena nanintona ahy hiarahihira amin'izy ireo: Agapé, nanintona ahy ny fanahy nentiny, Rado kosa tena heno hoe tafita ao anaty zavatra tendreny ny hafatra ary Antsaly kosa dia hitako fa misy fiarahana miavaka kely eo aminay mianadahy rehefa miray sehatra sy manao zavatra"* hoy hatrany Antsiva manazava. Nambarany moa fa mbola vitsivitsy ihany ny tena hiran'ny tarika fa ireny "interpretation" ireny no tena ahafantaran'ny olona azy ireo. Tsy hijanona amin'izany anefa hoy izy ny tarika fa hiketrika sanganasan'izy ireo manokana mihitsy koa. Araka izany dia taonan'ny asa sy famoronana ho azy ireo mihitsy ity taona ity ka ity hira hivoaka ity no santatra amin'izany ary aorian'izay dia mampanantena ny mpankafy rehetra eny fa na ireo mbola tsy mahalala azy ireo izy ireo fa hanolotra vokatra tsara sy miavaka hatrany.

*Taonan'ny asa sy famoronana ho azy ireo mihitsy ity taona ity ka ity hira hivoaka ity no santatra amin'izany.*

**Tanya.R**

Rivodoza Cheneso

# Haharitra hatramin'ny alahady ny rotsak'orana

*Hiditra an-tanety anio any amin'ny faritra SAVA, eo anelanelan'ny Vohémar sy Cap Est ity rivodoza ity.*

Nahazo anarana Cheneso omaly tokony ho tamin'ny 12 ora antoandro ilay andro ratsy niforona tao amin'ny ranomasimbe indianina. Tamin'izay fotoana izay, tany amin'ny 361km Km avaratra atsinanan'Antalaha no nisy ny foibeny. Niakatra ho 75 Km isan'ora ny rivotra entiny izay arahina tafiotra 105 Km/ora. Manohy ny diany miankandrefana somary avaratra andrefana haingana izy ka mahafaka 35 Km/ora. Hiditra an-tanety anio any amin'ny faritra SAVA, eo anelanelan' ny Vohémar sy Cap Est ity rivodoza ity araka ny tombana navoakan'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro. Mety hitondra tafiotra manodidina ny 100 ka hatramin'ny 120 Km/ora i Cheneso. Mahazo filazana loza manambana miloko mavo ny faritra: Diana, Sava ary Analanjirofo. Mahazo filazana miloko maitso kosa Alaotra Mangoro sy Sofia. Ho betsaka ny rotsak'orana ary mihitatra any Boeny sy ny afovoantany izany rotsak'orana izany hatramin'ny Alahady. Manentana ny rehetra ho mailo ny Meteo satria mety hiteraka fahasimban'ny toeram-ponenana sy ireo fotodrafitrasa marefo ity rivodoza ity indrindra any amin'ny faritra Sava sy Analanjirofo. Ho betsaka ihany koa ny rotsak'orana ka tokony handray fepetra mialoha amin'izay mety ho fiakaran'ny rano na fihotsahan'ny tany ny rehetra. Tranga telo no mety hiseho anio araka ny fanazavan'ny teknisianina mpamantatra ny mety ho toetry ny andro. Mety hianavaratra ny diany ary mihena ny heriny. Mety hidina any amin'ny tapany atsinanana ny diany na ihany koa mety hivoaka an-dranomasina any amin'ny tapany atsinanan'ny Nosy.

**Nath**

Sendikàn'ny mpirakidraharaha

# Manome iray volana ny Minisitera hamaly ny fitakiana

Ho tapitra ny fe-potoana izay nomen'ny sendikàn'ny mpirakidraharaha ka noho izany dia manome iray volana nanomboka ny alarobia teo ny Minisiteran'ny fitsarana hamaly ny fiitakiany ity sendika ity. *"Vao mainka hihamafy ny hetsika fitakiana hataonay noho ny tamin'ny taon-dasa teo. Hiverina amin'ny tolona sy fitakiana efa nataonay hatramin'izay izahay amin'izao fiverenana miasa amin'ity taom-pitsarana 2023 ity izao. Mpirakidraharaha maro no tapaka karama ary an-jatony koa no tsy nahazo ny prime annuel"*, hoy ny Me Randriamaro Alain Michel, filohan'ny sendikàn'ny mpirakidraharaha eto Madagasikara taminay omaly. Nomarihan'ity mpitarika ny mpirakidraharaha ity fa na dia tsara naoty aza ireo namany tamin'ny tombana arak'asa natao tamin'izy ireo nandritra ny taom-pitsarana teo dia tsy nojerena akory ny ezaka vita ary tsy norefesina ny zava-bitan'ny mpirakidraharaha nandritra ny taona. *"Ny grevy tapa-bolana mahery no nanafoanana ny prime annuel. Tsy vitan'izany fa mbola notapahana ihany koa ny karama, izany hoe novonoina tanteraka izahay. Miandry anefa izahay hoe : inona ny tohiny fa tsy misy na inona na inona. Rehefa tsy misy ny fiantsoana sy vahaolana homena anay dia ho avy izahay hanapakevitra"*, hoy hatrany ny Me Randriamaro Alain Michel taminay. Nambarany fa ho mafy kokoa noho izay efa nitranga hatramin'izay no hataon'ny mpirakidraharaha rehetra manerana ny Nosy atsy ho atsy. Fanatra fa efa nampita hafatra tamin'ny sendikàn'ny mpirakidraharaha Atoa Minisitry ny fitsarana fa tsy misy azo atao amin'ny fitakiana ataon'ity sendikà ity. *"Ahiliny any amin'ny Parlemantera roa tonta sy hoe ny fanjakana tsy manam-bola hatrany ny fitakianay. Ny azon'ny Minisitra atao dia ny fanapahana karama sy hampiditra olona hisolo anay rehefa tsy hiasa ny mpirakidraharaha"*, hoy hatrany ny Me Randriamaro Alain Michel. Hatreto dia tsy mbola misy marimaritra iraisana eo amin'ny Minisitera mpiahy sy ny sendikàn'ny mpirakidraharaha.

**HAR**

Olana eny amin'ny fonja

# Hikaon-doha ireo mpisehatra manerana ny Nosy

Mandringa ny fampanajana ny zon'ny voafonja. Mikarakara fikaonan-doha handinihana ireo olana eny anivon'ny fonja ny "Humanité & Inclusion" sy ny "Institut Pasteur de Madagascar", izay hanasana ireo mpisehatra rehetra manerana ny Nosy manomboka amin'ny fitondram-panjakana, ireo mpiara-miombona antoka ara-bola sy arateknika, ireo fikambanana sy tetikasa maro samihafa. Hotanterahina amin'ny 26 sy 27 janoary ho avy izao ny atrikasa andiany voalohany. Horesahana mandritra ireo andro roa ireo ny tontolo manodidina ny toerampamonjana. Hotohizana amin'ny 2 sy 3 martsa ho avy izao ny andiany faharoa, izay hifantoka amin'ny famahana olana miainga amin'ny fomba fijery iombonan'ireo mpisehatra rehetra. Araka ny antontanisa nozarain'ny teo anivon'ny minisiteran'ny fitsarana, dia tsy mahazaka voafonja mihoatra ny 11 000 ireo toeram-pamonjana manerana ny Nosy. Efa misy eo amin'ny 30 000 latsaka anefa ny fitambaran'ny voafonja eto Madagasikara.Tsy ampy isa koa ireo mpiasan'ny fonja, satria tsy misy afa-tsy eo amin'ny 1 400.

**R. Muray**

Orange Madagascar

# Handrakotra ny tontolo ambanivohitra ny tanjona

Ny 85 isanjaton'ny mponina ankehitriny no rakotry ny tambajotra Orange Madagascar. Mitohy ny ezaka ataon'izy ireo satria tanjona ny handrakotra ny tontolo ambanivohitra. Izany no anton'ny fiaraha-miasa teo amin'ny NuRAN Wireless sy Orange Madagascar izay tontosa omaly ny fanaovan-tsonia fiaraha-miasa. Noho izany, maherin'ny 500 ireo fitaovana afaka mandehandeha haparitaka manerana ny Nosy. Olona an-tapitrisa no afaka mifanerasera kanefa tsy voatery mandany fotoana mandeha lavitra toy ny taloha intsony. Hisitraka ny tolotra orange money ihany koa ireo olona ireo ka tsy voatery mitondra vola am-paosy intsony. Mifanindran-dalana amin'ny tetikasan'ny fitondram-panjakana amin'ny fisokafan'ireo tontolo ambanivohitra ihany koa anefa. Tsy vao izao no niaraka niasa tamin'ity orinasa Nuran Wireless ity ny Orange fa efa firenena maro tao Afrika no efa nisitraka ny fifandraisandavitra noho izy ireo.

**Nath**

Mpitondra kamiao

# Mitaky fampidinana 10 isanjato amin'ny vidin'ny gazoala

Mihamafy ny fitakiana ataon'ireo mpitondra kamiao. « *Efa fantatray fa tsy hahavita fahagagana ny fanjakana. Tsotra ny fangatahanay, dia ny hipasohana sy ny hanotorana vato ireo lalana feno lavadavaka mba hiatrehana ity fotoampahavaratra ity. Tafiditra ao anatin'izany ny amin'ny lalampirenena faharoa miainga eto Antananarivo ka hatrany Anjiro sy ny eo Moramanga ka hatrany Brickaville, indrindra fa ny ao Marozavavy, ary ny any amin'ny lalam-pirenena faha-4 sy faha-6. Misy fitaovana fanamboaran-dalana afaka ahetsika any amin'ireo biraon'ny faritra. Rehefa tsy hain'ny fanjakana ny manazava ny momba ny FER (Fonds d'Entretien Routier) amin'ny fanamboaran-dalana dia aleo foanana, ka ampidino 10 isanjato ny vidin'ny gazoala. Takianay koa ny hamindrana ny toby fandanjana fiara vaventy ao Ambatolampy sy ao Maevatanana hanakaiky an'Antananarivo, satria sady ratsy fipetraka manimba fiara no tokony hampiasaina amin'ny fanaraha-maso ireo lalandratsy."*, hoy Abdou Tino, filohan'ny fikambanana ATC (Association des Transporteurs Camionneurs). Nanatanteraka fivoriambe niaraka teny Ambohimangakely ny fikambanan'ireo mpamily sy tompona kamiao manerana ny Nosy omaly. Nodinihina tamin'io fotoana io ny ho tohin'ny fitokonana raha tsy mandray andraikitra hatramin'ny alatsinainy ho avy izao ny fitondram-panjakana.

**R. Muray**

Vakinankaratra - Orinasa afaka haba

# Ampahafantarina ny zony sy izay tokony ho sitrahany ireo mpiasa

Hidina ifotony any amin'ny Faritra Vakinankaratra ireo "inspecteur" sy "contrôleur"-'n'ny asa 10 mianandahy avy aty Antananarivo amin'ity herinanandro ity. "Ny tanjona dia ho fanataterahana ny drafitra stratejika ankapobeny ho an'ny mpanara-maso ny asa. Amin'izao fanombohana izao dia mbola fampahafantarana ny zon'ny mpiasa amin'ny fiarovana azy ireo sy ny fanajana ny zo tokony ho sitrahan'izy ireo amin'ny loza misy eo am-perinasa. Tombony ho an'ny mpiasa sy ny mpampiasa hakan-kevitra amin'ny mpanara-maso ny asa izao fidinana ifotony eny anivon'ny orinasa izao", hoy Atoa Rakotoandraina Haja, lehiben'ny sampadraharahan'ny asa any Vakinankaratra. Tokony hahay hanararaotra ny fandalovan'ireo mpaara-maso ny asa ny mpiasa sy y mpampiasa satria misy y olona no voatery mandoa vola mba hahafahana maka hevitra amin'ny fisiana fidinana ifotony tahaka izao. "Tsy mandeha tsirairay ireo mpanara-maso ny asa rehefa misina ifotony fa tsy maintsy misy inspecteur iray mitarika sy misy contrôleur iray manaraka azy. Zon'ny mpiasa sy ny mpampiasa no mitaky ny ordre de mission izay voasonian'ny tale na ny lehiben'ny sampandraharahan'ny a sa ary koa mitondra karatra maha-matianina azy ireo mpanara-maso ny asa. Zon'ny mpiasa sy ny mpampiasa no mitaky an'izany ary afaka tsy mampiditra azy ireo any anaty orinasa rehefa tsy voahaja ireo fepetra ireo", hoy hatrany ity lehiben'ny sampandraharahan'ny asa any Vakinankaratra ity. Tsara ho fantatra fa fandikan-dalàna kosa raha manana an'ireo notanisana rehetra etsy aloha ny mpanaram-maso ny asa kanefa tsy nampidirana ao anatin'ny orinasa. Fomba fiasa ny drafitra stratejika ampiharina amin'izao fitsirihana eny anivon'ny orinasa any Antsirabe izao.

**Heriniaina A.**


## PETITES ANNONCES *Gazetiko*

### MIVIDY

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, kiraro, poketra, lamba sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 433/20-14)

* Debara, frigo, fanaka, TV, vy, boky, kilalao, kiraro. Rason Jean Jacques. Tél : 034.31.324.79. (G-BA 432/15-14)

* Fanaka, frigo, congélateur, chaîne, télé, an-dakozia etc...Tél : 034.74.225.75 / 033.25.796.88. (G-BA 439/20-11)

* Frigo, congélateur, fanaka, machine, kojakojan-dakozia... Tél : 033.11.173.27 / 032.40.056.16. (G-BA 438/20-11)

* Fanaka, frigo, congélateur, salon, bahut, armoire sns. Tél : 034.20.405.10 / 033.11.785.44. (G-BA 438/20-11)

### COURS

* Cours de coiffure accéléré tsisy écolage afaka misafidy fotoana ianarana. Tél : 034.51.209.99. (G-BA 434/20-13)

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (GBA 437/4-3)

### SERVICE

* Service vidange fosse septique avec camion citerne, raclage à main. Tél : 034.35.660.74. (G-BA 446/2-1)

### VIDANGE

* Vidange fosse septique, puisard Makiplast, wc perdu, wc gasy. Tél : 033.21.723.00 / 034.20.084.25. (G-BA 445/15-3)

### MITADY ASA

* Une jeune Femme 32 ans cherche du travail comme nounou, femme de ménage. Tél : 034.51.602.34. (G-BA 447/1)

* Une jeune Fille 28 ans cherche du travail comme nounou, femme de ménage. Tél : 034.84.537.84. (G-BA 448/1)

Antanifotsy

# Roa lahy mpanafika lavon'ny bala tao anaty fifampitifirana

*Nahaverezana vola mitentina iray hetsy ariary.*

Nirefodrefotra ny poa-basy , tao amin'ny tanàna atao hoe Ankitsikitsika, kaominina Antsahalava, distrikan' Antanifotsy, ny talata teo. Nifandona ny mpitandro ny filaminana sy ireo jiolahy mitam-piadiana. Vokatr'izany dia roa lahy no lavon'ny bala ary ankilany sarona ny basy vita gasy iray nentin'ireo nanohitra zandary. Jiolahy efa nokarohina ihany ireto nifanenjehana ireto. Nisy ny loharanom-baovao marimpototra avy amin'ny olona tsara sitrapo ka nanomboka teo ny vela-pandrika. Tao anatin'izany no natao ny fikarohana ary niafara amin'ny fifampitifirana izao. Anisany namita fanafihana mitambasy ka namoizana ain'olona tao Ankotroka fokontany Antanetikely, kaominina Ambatomiady, distrika Antanifotsy izy ireto, ny alin'ny 9 janoary 2023 tokony ho tamin'ny 12 ora alina.

**Nahaverezana vola**

Tokantrano iray no lasibatra tamin'izany izay nahaverezana vola mitentina iray hetsy ariary ary namoizana ain' olona miisa roa. Niainga teo ny fanadihadiana ka nahitambokany . *"Tsy maintsy nidina tany amin'ny toerana fieren' ireo jiolahy ireo ny zandary notarihin'ny kapiteny manamboninahitra mpandrindra ny asan'ny zandary ao Antanifotsy. Natao ny vela-pandrika sy ny paikady rehetra. Nandritra ny fisamborana ireo jiolahy ireo tokony ho tamin'ny 8 ora alina dia nisy ny fifandonana. Lavo tamin' izany ny jiolahy miisa roa ary nahatrarana basy vita gasy iray. Tafaporitsaka kosa ireo namany izay mbola miaraka amin'ny basy iray hafa. Noho izany dia mbola mitohy ny fifanenjehana,* » hoy ny fanazavana avy amin'ny mpitandro ny filaminana any an-toerana.

**Ariel D.**

Antohomadinika

# Lehilahy sy vehivavy sady mitsindrona no mivarotra héroïne

Lehilahy iray 37 taona sy vehivavy 31 taona no mitsindrona héroïne sady mivarotra izany zava-mahadomelina mahery vaika izany eny amin' ny IVO Antohomadinika. Ny alatsinainy izy ireo no sarona teny an-toerana ary nandritra ny fisavana dia mbola nahitana héroïne 2,30 grama tao amin'izy ireo. Nahazo loharanom-baovao ny polisy mikasika ny fisian'ny olona mivarotra sy mamatsy rongony mahery vaika eny amin'ny faritra IVO ka nandeha teny an-toerana nanamarina sy nijery ny zava-misy ary dia tratra tao izy ireo. Ankoatra io fitsindronana sy fivarotana héroïne io dia mifoka rongony ihany koa izy ireo. Fantatra fa efa mpamerin-keloka ilay lehilahy ary vao nivoaka ny fonja ny volana novambra teo izy noho io resaka héroïne io ihany.



Ireo zava-mahadomelina sarona.

**Hafa koa**

Fa ankoatra azy ireo, telo lahy 20 taona ka hatramin'ny 26 taona ihany koa no tratehaka teny Ambohidahy Ankadindramamy ny talata lasa teo noho io resaka zava-mahadomelina io ihany. Rehefa fantatry ny polisy ny toerana fivarotana rongony eny an-toerana dia nanao fidinana ifotony izy ireo ka tratra ambody omby teo am-pifohana rongony sy nikirakira héroïne tao amin'ny trano iray ireo telo lahy. Mbola nahitana héroïne 2,7 grama teny amin'izy ireo nandritra ny fisavana. Fantatra fa ny roa tamin-dry zalahy no mpitsindrona héroïne sy mpifoka rongony ary ny iray ambiny kosa mpanjifa. Ny fanampimpanazavana no nahalalana fa mahalany héroïne iray fonosana isan'andro izy ireo rehefa mitsindrona ary mahalafo 10 ka hatramin'ny 15 fonosana. Natolotra ny fampanoavana omaly ny raharaha.

**T.H**

Ankazobe

# 20 lahy mirongo basy mahery vaika nangalatra omby

Nasesin'ireo dahalo nidirana ny valan'ombin'ny mponina tao amin'ny tanàna kely atao hoe Mampando, fokontany Ambohidrony, kaominina Ambohitromby distrikan' Ankazobe, ny alin'ny talata hifoha omaly alarobia tokony tamin'ny 9 ora sy sasany. Roapolo lahy izy ireo no nanao io fanafihana tanàna io ary hitan'ny olona fa nirongo basy mahery vaika fampiasan'ny mpitandro filaminana ireny mihitsy ny sasany ary nisy nitondra basim-borona. Tsy nahatohitra azy ireo ny fokonolona fa natahotra ka nalain' ireo olon-dratsy mora foana ny omby tao anaty vala. Raha ny totalin'ny omby lasa tamin'io alina io dia 33 isa .

**Fanarahan-dia**

*«Tsy olona anankiray no tompon'ireo omby very ireo fa olona 11 ao amin'ilay tanàna. Ny sasany very omby 7, tao ny 4 ary nisy very omby anankiray…sns. Izany hoe nizarazara ny fahavoazana fa tsy olon-tokana ihany akory. Nanapoaka basy imbetsaka ihany koa ireto tsy matahotody ireto mialoha ny nidirany tao amin'ilay toerana. Niezaka nampitahotra ny mponina izy ireo ary tena nanjaka tokana mihitsy »,* hoy ny loharanom-baovao. Taorian'izay dia nampandre ny zandary ny fokonolona ka ny mpitandro filaminana tao amin'ny brigady Ankazobe no nandray anjara tamin'ny fanarahan-dia ireo omby sy ny dahalo. Mbola mitohy ny fikarohana ka andrasana ny tohiny. Voalaza fa nihazo an'iny Ambolotarakely iny ny lalan'ireto dahalo ireto rehefa nandositra ary ny sasany any Antanetibe Anativolo, Distrikan'Anjozorobe. Tsy nisy kosa ny aina nafoy na ny naratra.

**Ariel D.**

Antsiranana

# Vehivavy maty novonoin'ny sakazainy

Vehivavy iray tokony ho 30 taona no maty novonoin'ny sakaizany tany Soafeno tany amin'ny distrikan'Antsiranana ny alarobia 11 janoary lasa teo. Gaga ny olona teo amin'ny manodidina izay mpiara-monina amin'ilay vehivavy raha naheno fofona hafahafa avy ao an-tranony. Nampiahiahy azy ireo ny zava-nitranga ka tsy niandry ela fa nampandre polisy avy hatrany. Raha vao nandre ny antso ireo mpitandro filaminana dia nandeha tany amin'ilay toerana ka rehefa nojerena dia akory ny hatairan'ny olona fa ny vatana mangatsiakan' ilay vehivavy no hita tao. Nandritra ny fizahana nataon'ny tomponandraikitra no nahalalana fa maty novonoina ity vehivavy ity. Rehefa nandeha ny fanadihadiana nataon'ny polisy mikasika ilay vono olona dia fantatra fa lehilahy iray 47 taona izay sakaizan'ilay vehivavy ihany no nahiahiana ho namono azy. Araka ny fanazavana azo mantsy dia nilaza ny olona teo amin'ny manodidina fa niara-nipetraka izy roa ireo ary hitan' izy ireo natory tao ihany koa ralehilahy talohan'io. Dia ny maraina io naheno fofona hafahafa io izy ireo.

**Voasambotra**

Tsy hita izay nisy an-dralehilahy ka nanaovana filazana fikarohana izy ary dia voasambotra tany Ambanja ny alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora sy sasany alina. Dia nentina nafotorana tany amin'ny biraon'ny polisy taorian'izay ka nandritra ny famotorana azy dia niaiky ny tenany fa namono nahafaty ilay sakaizany. Tsy voafaritra mazava kosa anefa ny antony namonoany an'ity vehivavy ity. Rehefa vita ny famotorana teo anivon'ny polisy dia natolotra ny fampanoavana tany Antsiranana afakomaly ny raharaha ka nanapa-kevitra ny mpitsara nampiditra am-ponja vonjimaika an-dralehilahy mandram-pahatonga ny fotoam-pitsarana azy.

**T.H**

## Tatsy sy taroa

***# Jiolahy iray no lavon'ny miaramila*** ary basy vita gasy iray no azo. Io no vokatra taorian'ny fifandonan'ny jiolahy sy miaramila avy ao amin'ny ZDS Ikopa nandritra ny fisafoana natao ny 16 janoary lasa teo manodidina ny Kaominina Antanetibe Mahazaza sy Anjanadoria. Mbola mitohy hatrany ny fikarohana ireo jiolahy.

***# Nitohy ny fikarohana ireo jiolahy nanao fanafihana mitam-piadiana tao kaominina Ampisopiso distrikan' Ambovombe, faritra Androy.*** Raha ny fantatra dia efa nisy jiolahy iray no maty voatifitry ny zandary mikasika ity asa ratsy ity, afakomaly maraina.

**Ariel D.**

**Gazetiko**
novokarina sy natontan'i
MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana
manana renivola
Ar 37 452 000
Talen'ny Fanoratana :
Lucien RAHARISON
034 34 697 06
Talen'ny Famoahana sady
Tonian'ny Fanoratana :
Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
Birao sy fandraharahana :
Lalana Ravoninahitriniarivo
B.P. 1414 - Antananarivo
Tél.: 22 697 79 / 22 697 80
Fax. 22 273 51
e-mail:midigazetikom@gmail.com
D.L.I.: 15 892 - 01 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

## Nahandro

### Henan'omby sy karaoty

Zavatra ilaina : henan'omby, karaoty, tongolo, lafarinina, divay fotsy, rano, menaka oliva, sira poivre, ovy,

Fomba fahandroana azy : Karakaraina ny hena, tetehina ny tongolo. Hafanaina ny menaka, dia arotsaka ao ny tongolo sy ny hena. Avela ho menafify tsara iny. Dia asiana lafarinina. Arotsaka ny divay fotsy, ny rano. Asiana ireo hanitra. Dia ahandroina mandritra ny adiny iray. Karakaraina ny karaoty. Ahandroina manokana. Toy izany koa ny ovy. Rehefa masaka izay vao tetehina. Dia afangaro amin'ilay hena avy eo rehefa vita saosy amin'ny dibera sy ireo hanitra isan-karazany.

## Manal azy de mimeme



## Sarisary zary tenany

*Lasa any*




## Hatsikana an-tsary

*Mitapitapy*




## Masoandro Miposaka

### Apokalypsy 15 : 1

Ary hitako fa, indro, nisy famantarana iray koa tany an-danitra, sady lehibe mahagaga, dia anjely fito izay nanana ny loza fito farany, Satria ireny no enti-mahatanteraka ny fahatezeran' Andriamanitra.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




Tantara sy sary: Nil

## Ohabolana



**Aza mitaitay ny banga, fa hoditra no ifanekerana.**

Que celui qui n'a plus de dents ne soit pas trop pressé, car il s'agit de manger de la peau.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana 2855

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 7 | | | | 1 | | | |
| 2 | | | | 7 | | | | |
| | 1 | 8 | | | 2 | 3 | | |
| | | | | | 5 | | | 4 |
| | | 5 | 1 | | | 7 | 9 | |
| 1 | | | | 2 | 6 | | | |
| | | | | | | 4 | 6 | |
| | 8 | | | | 9 | | 2 | |
| 5 | | 1 | | | 7 | 8 | | |

Valin'ny laharana 2854

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 1 | 9 | 2 | 5 | 7 | 4 | 8 | 3 |
| 5 | 3 | 4 | 9 | 8 | 6 | 2 | 7 | 1 |
| 7 | 2 | 8 | 1 | 3 | 4 | 9 | 6 | 5 |
| 1 | 6 | 7 | 5 | 4 | 8 | 3 | 9 | 2 |
| 9 | 8 | 5 | 3 | 6 | 2 | 1 | 4 | 7 |
| 2 | 4 | 3 | 7 | 1 | 9 | 8 | 5 | 6 |
| 4 | 5 | 2 | 8 | 7 | 3 | 6 | 1 | 9 |
| 8 | 9 | 1 | 6 | 2 | 5 | 7 | 3 | 4 |
| 3 | 7 | 6 | 4 | 9 | 1 | 5 | 2 | 8 |

Fianakaviambe iraisam-pirenena

# Manao tsindry an-kolaka hanatanterahana ny fifidianana amin'ity taona ity

*Naneho ny fahavononany hifanohana amin'ny fanjakana hahatanteraka ny fifidianana amin'ity taona ity ny Vondrona Eorôpeana sy Royaume-Uni.*

Mizara roa miavaka tsara ny hevitry ny olom-pirenena Malagasy. Andaniny, ny mpomba ny Filoham-pirenena izay tsy mitsahatra ny milaza fa ho tanteraka amin'ity taona ity ny fifidianana ary tsy mieritreritra hanao tetezamita sy hanalava fe-potoam-piasana izy ireo. Ankilany, ireo ampahana olom-pirenena tsy miaraka amin'ny fitondrana, tsy voatery ho mpanohitra fa rehefa mandalina ny zavamisy amin'izao fotoana izao dia milaza fa tsy ho tanteraka amin'ity taona ity ny fifidianana satria mbola mifamahofaho be ny toe-draharaham-pirenena ary mihisatra ny fanomanana izany. Etsy andanin'izay, tsikaritra ho manao tsindry an-kolaka hanatanterahana ny fifidianana amin'ity taona ity ireo fianakaviambe iraisam-pirenena. Miainga avy amin'ny fampitam-baovao avy eny anivon'ny Antenimieram-pirenena, Nitafa tam-dRtoa Christine Razanamahasoa teny Tsimbazaza mahakasika ny raharaham-pirenena, indrindra ny fifidianana filohan'ny Repoblika ny masoivohon'ny Royaume-Uni Atoa David Ashley ny talata teo.

**Famatsiam-bola**

Loharanom-baovao hafa no nahafantarana fa naneho fahavonona hanohana ny fanjakana malagasy hahatanteraka izany fifidianana izany ity Firenen-dehibe sady nitaky ny hanaovana laharam-pahamehana izany amin'ity taona ity ihany koa. Niara-nijery sy namaritra ireo asa atao laharam-pahamehana amin'ity taona ity teny Anosy ny Minisitry ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana Tokely Justin sy ny Masoivohon' ny Vondrona Eorôpeana Rtoa Isabelle Delattre Burger ny talata teo. Namafisin'ity farany tamin'izany fa vonona hanampy an'i Madagasikara amin'ny fanomanana ny fifidianana filohan'ny Repoblika amin'ity taona ity ihany koa ny Vondrona Eorôpeana

**Mamy R.**

Mpitondra fanjakana - Fiangonana

# Voasoratra saingy tsy hajain'ny roa tonta ny maha laika ny firenena Malagasy

Efatra andro aty aoriana, heverina fa tsy hitondra voka-tsoa sy filaminana ary fitoniana ny fanohizana ny adihevitra manodidina ireny resabe mahakasika ny votoatin'ny toriteny, teny amin'ny Coliseum ireny. Toy izany koa ny fanehoan-kevitra toy ny hoe: Iza no diso ary iza no manana ny marina ? Fanontaniana heverina fa tsara apetraka kosa ny hoe: Zakantsika ve ny fampiharana ny maha laika ny firenena Malagasy? Ny voambolana laika izay marihina fa voasoratra mazava ao amin' ny andininy faha-2 n'ny Lalampanorenana: « Ny maha laika ny firenena Malagasy dia mifototra amin'ny fisarahan'ny raharaham-panjakana sy ny an'ny fiangonana sy ireo solontenany avy ». Ny dikany, tokony hohajaina sy hampiharina io andininy voasoratra eo ambony io. Izany hoe samy mahaleo tena ny mpitondra sy ny eglizy ka itsy voalohany dia tsy tokony hamaly ny fanasana ataon' ny eglizy, na inona na inona endrika isehoany. Ny eglizy ihany koa tsy tokony hanasa mpitondra na ny solontenany amin'ny fotoam-pivavahana na fivoriana hafa omaniny.

**Fototry ny olana hatrany!**

Tsy vao sambany nitranga mantsy fa efa nametraka olana teto amintsika hatrany amin'ny faha-mpanjaka ary nitohy nandritra ny fanjanahan-tany, eny hatramin'izao ny fampifangaroana ny raharaham-panjakana amin'ny an'ny fiangonana. Anisan'ny nanoratra boky nanazava izany ny mômpera Sylvain Urfère (nitantana ny paroasin'Anosibe, nandritra ny 25 taona) tao anatin'ny boky nampitondrainy ny lohateny hoe: « l'engagement politique des églises à Madagascar » (dikateny malalaka: ny fidiran'ny fiangonana lalina amin'ny pôlitika eto Madagasikara). Fototry ny olana izany ary niteraka ny vono olona mahatsiravina, tamin'ny 10 aogositra 1991 izay niafara tamin'ny fifanarahan'ny 31 ôktôbra, tao amin' ny Panorama. Tamin'ny taona 2019, nampahatsiahy ny tsy tokony hisafosafoana ny toriteny, mba hahatonga ny votoatin'izany hilentika amin'izay iantefany ny Pape François, nandritra ny fandalovany teto Madagasikara. Hafatra mbola manamafy ny tokony samy hanatanterahan' ny mpitondra sy ny eglizy ny andraikiny avy, tsy misy fitsabatsabahana. Manoloana ny fanontaniana napetraka etsy ambony dia manitikitika ihany koa ny fanontaniana hafa ny amin'ny hoe: Rehefa tsy hohajaina io andininy faha-2 io, sao dia tokony hotsoahina ao anatin'ny Lalampanorenana.

**V.R.**

Fiketrahana Masina

# Vonona hanamafy ny fiaraha-miasa amin'ny firenena malagasy

Nanolotra ny taratasy manendry azy hiasa eto Madagasikara tamin'ny Filoham-pirenena Andry Rajoelina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha omaly ny Nonce Apostolique, Son Excellence Mgr Tomasz Grysa. Nanambaran' ity farany nandritra ny fihaonan' ny roa tonta fa ny Fiketrahana Masina, dia vonona hatrany hanamafy sy hanatsara ny fiaraha-miasa amin'ny firenena malagasy, ary hifanome tanana amin'ny Fitondram-panjakana amin' ny fanatanterahana ireo ezaka amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara. Aorian'izao, dia azo lazaina fa efa ofisialy tanteraka ny fandraisan'ny Nonce Apostolique ny asany eto amintsika. Ny Fiangonana Katolika moa dia anisan'ny mitondra ny anjara birikiny amin'ny fitaizana ny vahoaka sy ireo asa fampandrosoana ny firenena eo amin'ny sehatra maro toy ny fanabeazana, ny fahasalamana sy ireo asa sosialy isan-karazany.

**JUDD**



**Ny Filoha Andry Rajoelina nandray ny Nonce Apostolique vaovao teny Iavoloha.**

## Marina izany !

### Izay tsara fiomanana... !

**Misodisody eto amintsika indray amin'izao fotoana izao ny tangoron-drahona ahiana hiteraka orana sy rivotra mafy. Mialoha izay, efa maro ny mpiray tanindrazana no traboina, vokatry ny fiakaran'ny rano, tsy eto an-drenivohitra fotsiny fa hatrany amin'ny faritra. Tsy mitsahatry ny mampahafantatra ara-potoana ny fivoaran'ny toetry ny andro ny sampandraharaha misahana izany. Amin'ny maha tranga voajanahary ny orana sy ny rivotra ary ny rivodoza mety ho avy eo, fotoanany rahatreo izao dia heverina fa tokony harahina asa amin'izay ny teny filamatra manao hoe : "Izay tsara fiomanana, tsy ho tampohin-doza". Fampahatsiahivana miantefa amin'ny olom-pirenena tsirairay sy ny isan-tokatrano, andaniny. Ary amin'ny tompon'andraikitra isan-tokony voakasiky ny fisorohana sy ny fiatrehana ny loza voa-janahary, ankilany. Fiomanana heverina fa tokony hatomboka amin'ny tsotra indrindra. Ho an'ny tokatrano ohatra dia ny fanamafisana ny tafon-trano; ny fanapahana ny hazo ahiana hianjera; ny fandiovana ny tatatra mba ahafahan'ny rano mikoriana araka ny tokony ho izy; ny fandaozana ny trano miorina amin'ny toerana ahiana hitera-doza;... Mahakasika ny fanjakana, amin'ny ankapobeny kosa dia ny fanomanana dieny izao sahady ny toerana handraisana ny traboina, mba tsy hanelingelina hatrany ny fizotry ny fampianarana ; ny fiomanana ara-pitaovana sy hoentimanana hanamaivanana ny fahasahiranan'ireo mpiray tanindrazana tra-pahavoazana. Mba tsy hijanona ho teny filamatra fotsiny ny hoe: ny fitantanana firenena dia tokony mifototra amin'ny fiomanana mialoha ny famahana sy ny fiatrehana ny olana mety hitranga !**

Voahangy Rakotozafy

Hafari Malagasy

## "Mila miroso amin'ny Tetezamita isika"

Raha tsikaritra ho mirona amin'ny hanatanterahana ny fifidianana Filoham-pirenena amin'ity taona ity ny fianakaviambe iraisam-pirenena, dia ny mifanohitra amin'izay kosa no andrasan'ny firaisamonim-pirenena Hafari Malagasy. Latsaka an-katerena ny firenena, hoy Ing Jean Nirina Rafanomezantsoa, ka tsy vahaolana ho an'i Madagasikara mihitsy ny hisian'ny fifidianana amin'ity taona ity. « *Mba hisorohana ny rà mandriaka, satria tafiditra ao anatin'ny fifampihantsiana sy fifanenjehan'ny mpiray tanindrazana isika, dia aleo miditra amin'ny Tetezamita mba hametrahana ny soatoavina Malagasy hisian'ny fihavanana sy ny fifankatiavana mialohan'ny fifidianana.* », hoy hatrany ny filohan'ny Hafari Malagasy. Miantso ny antoko mpanohitra izay efa tsy manana fitokisana amin'ny HCC sy ny CENI amin'ny fampandehanana ny fifidianana amin'izao ihany koa ity farany mba hiditra amin'izay lâlana izay. Tokony hanao laharam-pahamehana ny famonjena ny sosialim-bahoaka kosa ny mpitondra mialohan'ny fahataperan'ny fotoam-piasany, ka mila manova ireo mpikamban'ny Governemanta sy governora tsy mahavita ny asany ny filohan'ny Repoblika, hoy ny filohan'ny Hafari Malagasy.

**Nangonin'i Niry R.**


TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :


Telma
SPONSOR OFFICIEL
ISIKA MIARAKA @
BAREA
CHAN
MADAGASCAR
VS
SOUDAN
Telma TV
ALATSINAINY 23 JANOARY @ 10 ORA ALINA
GCL 405/2-2